
Baiboly ho an'ny zaza

Fanomeza



# Noa Sy Ny Safodrano Lehibe

Nisonoratsin'i: Edward Hughes

Abaran'ny: Byron Unger and Lazarus
Alastair Paterson

Ampanaraha amin'ny: M. Maillot and Tammy S.

Nadikan'ny: www.christian-translation.com


Naboakin'ny: Bible for Children
www.M1914.org

©2021 Bible for Children, Inc.
Fazahoan-dala: Manan-jo hanao kopia na hanonta an'toy tantara toy anao, rah ambo tsy mivarotsy anizao.


Lehilahy nanompo an'Andriamanitsy I Noa. Nalay sy tsy nankato an'Andriamanitsy aby ny olon-kafa. Indraiky andro, da nitsara raha nanafintoha Andriamanitsy.
"Haripako any tontolo ratsy toy", hoy Andriamanitsy tamin'I Noa.
"Ny fianakavianao avao no hovonjeko."


Nampitandrina an'I Noa Andriamanitsy fa hisy safo-drano lehibe hanarona ny tany. "Manamboara sambofiara hazo, sambo ampy ho an'ny fianakavianao sy biby maro", hoy ny baikon'I Noa.
Nomen'Andriamanitsy toromariky mazava soa I Noa. Be atao I Noa!

Naneso angamba ny olo lafa nanazava ny antony nanamboarany sambofiara I Noa.



Nanohy ny fanamboarany I Noa.  Niresaky momba an'Andriamanitsy avao koa ihy.  Tsy nisy nihaino.



Nana finoa bevata I Noa. Nino an'Andriamanitsy ihy ndre da mbo tsy nilatsaky mihitsy ny ora. Tsy ela dafa vonona gne sambo fiara mba ho feno enta.


Hananiky io da tonga ny biby. Andriamanitsy da ninday fito tamin'ny karazany sasany, roa tamin'ny hafa. Voro be sy kely, biby kely sy lava gne lasa tany amin'ny sambofiara.



Nanevateva an'I Noa angamba n yolo
raha nampinday enta-mavesatsy
ny biby ihy. Tsy tapaky nanota
tamin'Andriamanitsy andreo.
Tsy nangataky ny hiditsy
tamin'ny sambofiara
tao andreo.





Farany, tanaty sambo tao aby ny biby sy ny voro.
"Midira amin'ny sambofiara ao", hoy Andriamanitsy nanasa an'I Noa. "Anao sy ny fianakavianao." Niditsy tanaty sambofiara tao i Noa sy ny vadiny da ny anakiny telo lahy ary ny vadindreo. Da nihidin'Andriamanitsy ny varavara!



Tonga ny ora bokeo.
Nisy oram-be
nandriaky ny tany
nandritsy ny efapolo
andro sy efapolo aly.



Nirotsaky tamin'ny
tanà sy vohitsy ny safo-drano.
Lafa nitsahatsy ny ora, ndre da ny
tendrombohitsy aza da lasan-drano.
Maty iaby zay mifoka rivotsy.



Lafa niakatsy ny rano, da nitsingevaeva tamboniny teo ny sambofiara. Mety ho mahiky ny anatiny ao, da mety hikoronta, da mety hatahotsy mihitsy aza. Niaro an'i Noa tamin'ny safo-drano kanefa gne sambofiara.


Lafa afaky dimy vola nisian'ny safo-drano, da nandefa rivotsy maiky Andriamanitsy. Nipetraky tsikelikely tamin'ny tendrombohits'i Arata teo gne sambofiara. Nijano tao tanaty efapolo andro ndraiky Noa laha nijetsy ny rano.



Nandefa goaiky sy voromailala boka tamin'ny varavarankelin'ny sambofiara teo i Noa. Tsy nahita toera maiky hialana sasatsy voromailala igny, ka nipody tamin'i Noa.


Herinandro tafara taty, nanandrana ndraiky i Noa. Nipody ndraiky voromailala igny ninday ravin'oliva vaovao tam-bavany teo. Ny herinandro manaraky da fantats'i Noa fa maiky ny tany satria tsy nipody koa voromailala igny.

Nitsara tamin'i Noa Andriamanitsy fa avy gne fotoa hiala amin'ny sambofiara. Niaraky namoky an'ny biby reo i Noa sy ny fianakaviany.



Tsy maintsy ho velom-pankasitraha tahakin'ino moa I Noa! Nananga alitara ihy ary nivavaky tamin'Andriamanitsy tamin'ny namonjeny anazy sy ny fianakaviany tamin'ny safo-drano.



Nanome fampanantena nahafinaritsy an'i Noa Andriamanitsy. Tsy handefa safo-drano koa Ihy hitsara ny fahotan'ny olombelo.

Nanome fampahatsiahiva bevata momba ny fampanantenany Andriamanitsy. Ny avana no famantara ny fampanantenan' Andriamanitsy.



Nahita fiandohana vaovao I Noa sy ny fianakaviany tafaran'ny safo-drano. Lafa nandeha ny fotoa, da nanampody ny tany manontolo ny taranakiny. Boka amin'I Noa sy



ny taranakiny ny firenena eran-tany aby.

# Noa Sy Ny Safodrano Lehibe

Tantara raiky amin'ny tenin'Andriamanitsy ao, ny Baiboly,

da hita ao

Genesisy 6-10

"Gne fampidira gne tsaranao da manazava."
Salamo 119:130

# Vita

Ity tantara ao amin'ny Baiboly ity da mitsara amin-tsika ny mahakasiky an'ilay Zanahary mahatseriky izay nanao an-tsika sy maniry hahalala an'Azy.

Hain'Andriamanitra fa nanao ratsy atsika, izay volagniny hoe ota. Fahafatesa gne sazin'ny ota, fa tena tia anao Zanahary ka nandefa ny Anakiny lahitoka da Jesosy mba ho faty teo amin'ny Hazo fijalia sy ho voasazy noho gne fahotanao. Da velona indraiky Jesosy ary nody tany an-danitsy! Rah amino an'I Jesosy ianao ka mangataky amin'azy mba hamela gny helokinao da hataony izay! Ho avy Izy ka hipetraky ao anatinao hananin'izao, ary hiara-hipetraky Aminazy mandrakizay anao.

Raha mino anao fa izay gne fahamarinagny, da tsarao amin'gny Zanahary hoe:

Jesoa Malala ô, mino aho fa Anao gne Zanahary, ary lasa olombelo ho faty gn'amin'ny fahotako, ary velo zao indraiky. Miangavy anao hiditsy amin'gny fiainako ka mamelâ gny heloko, mba hahazoako fiainam-baovao hananin'zao, da indraika andro agny hiaraky Aminao mandrakizay. Ampio iaho hanaraky Anao sy hiaina ho Anao amin'gny maha-agnakinao anahy. Amena.

Mamakia Baiboly da miresaha amin'gne Zanahary isan'andro! Jaona 3:16